

**Nataon'ny Filoha
Dieter F. Uchtdorf**

Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny
Fiadidiana Voalohany



Tsara re!

Rehefa mieritreritra ny zavatra nolovaintsika avy amin'ireo mpisava lalana aho dia ilay hira “Ndao ry olomasina” (*Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, lah. 4) no iray amin'ireo zavatra tena mampihetsi-po tonga ato an-tsaina. Nihira matetika io hira io nandritra ny diany ireo izay nanao ilay dia lavitra nankany amin'ny Lohasahan'i Salt Lake.

Fantatro tsara mihitsy fa tsy hoe nizotra tsara daholo akory ny fiainan'ireo Olomasina ireo. Nianjadian'ny aretina, ny hafanana, ny harerahana, ny hatsiaka, ny tahotra, ny hanoanana, ny fanaintainana, ny fiahiahiana ary ny fahafatesana mihitsy aza izy ireo.

Saingy na dia nanana ny antony rehetra tokony hihiakana hoe “Tsy mizotra tsara mihitsy ny zava-drehetra” aza izy ireo dia namboly toetra iray izay mendrika ny ho deraintsika amin'izao fotoana izao. Nijery nihoatra lavitra ny olany izy ireo ka nibanjina ireo fitahiana mandrakizay. Fenô fankasitrahana tao anatin'ny toe-javatra niainany izy ireo. Na dia zavatra mifanohitra amin'ny tokony ho izy aza no niseho dia nihira tamin'ny fony manontolo izy ireo hoe: “Tsara re!”

Tsy manan-danja ny fiderantsika ireo mpisava lalana raha toa ka tsy mampisaintsaina lalina antsika izany. Ireto misy toetra vitsivitsy nananan'izy ireo izay manentana ny fanahiko rehefa mandinika ny fahafoizantena sy ny fanolorantena nataon'izy ireo aho.

Fangorahana

Nifampikarakara ny mpisava lalana ka tsy nijery izay fiaviana ara-piaraha-monina na fari-piainana na firehana ara-pôlitika. Nifanampy izy ireo na dia nampiadana ny

fandrosoan'izy ireo aza izany sy niteraka fahasahiranana na nitaky fihafiana sy ezaka avy amin'ny tena manokana.

Ao anatin'ity tontolo izay fehezin'ny tanjona sy mirona amin'ny fiandiana tafahoatra misy antsika ity, dia mety ny tombontsoan'ny tena manokana sy ny tombontsoan'antokon'olona no lohalaharana izay vao ny fikarakarana ny hafa sy ny fanamafisana orina ny fanjakan' Andriamanitra. Ny fahatratrarana karazana tanjona ara-haihevitra eto amin'ny fiarahamonina amin'izao fotoana izao no toa entina handrefesana ny maha-izy azy antsika.

Mety zavatra mahafinaritra ny fametrahana sy ny fanatratrarana tanjona. Saingy rehefa miteraka fanambaniana na tsy firaharahiana na fandratrana olona ny fikatsahana fahombiazana amin'ny fanatratrarana tanjona dia mety ho lafo vidy loatra ilay fahombiazana.

Nikarakara an'ireo izay tao anatin'ny vondron'olona nisy azy ireo mpisava lalana, fa nieritreritra ihany koa an'ireo tonga taty aorian'izy ireo ka dia namboly mba ho sakafon'ireo andian-tsarety izay tonga taty aoriana.

Nahafantatra ny tanjaky ny fianakaviana sy ny namana izy ireo. Ary satria nifampiantehatra izy ireo dia lasa natanjaka. Noraisina ho toy ny fianakaviana ny namana.

Raisina ho toy ny mpampahatsiahy tsara ny antony tsy maintsy hanoherantsika ilay fakam-panahy hitokantokana ny mpisava lalana, fa tokony hifanampy sy hifangoraka ary hifankatia kosa.

Asa

“Ndao ry Olomasina mba hiasa.”

Lasa hira fanevan'ireo mpanao dia lavitra izay trotraka

io andian-teny io. Tsy takatry ny saina ny hamafin'ny asa nataon'ireo olona nanana ny maha-izy azy ireo. Ny fandehana an-tongotra no iray tamin'ireo zavatra mora indrindra nataon'izy ireo. Nila niray hina izy ireo teo amin'ny fitadiavana sakafo, fanamboarana sarety, fiandrasana biby, fikarakarana marary sy osa, fitadiavana sy fantsakana rano ary teo amin'ny fiarovana ny tenan'izy ireo tamin'ireo loza tampoka ateraky ny toetr'andro sy ireo loza maro any an-tany foana.

Nifoaha isa-maraina izy ireo niaraka tamin'ireo zavatra atao ireo sy ny tanjona mazava tsara izay takatry ny sain'ny tsirairay: hanompo an' Andriamanitra sy ny namany ary ho tonga any amin'ny Lohasahan'i Salt Lake. Nazava tamin'izy ireo ireo zavatra atao sy tanjona ireo isan'andro. Fantatr'izy ireo ny tokony hataony ary zava-dehibe ny ezaka vita isan'andro.

Amin'izao androntsika izao—izay toa tena mora ny fahazoantsika ny ankamaroan'ny zavatra iriantsika—dia mampaka fanahy ny hivily lalana na hiala an-daharana raha vao misy dongona kely ilay lalana, na toa mihamideza ilay fiakarana eo anoloantsika. Mety manampy antsika ao anatin'ireny fotoana ireny ny mieritreritra ireo lehilahy sy vehivavy ary ankizy izay tsy namela ny aretina, ny fitsapana, ny fanaintainana ary ny fahafatesana mihitsy aza hanakana azy ireo tsy handeha amin'ilay lalana nofidiny.

Nianatra ireo mpisava lalana fa mampahatanjaka ny vatana sy ny saina ary ny fanahy ny fanaovana zavatra sarotra ary mampivelatra ny fahatakarana'izy ireo ilay toetra araka an' Andriamanitra ananany sy mampitombo ny fangorahany ny hafa. Nampatanjaka ny fanahin'izy ireo izany fahazarana izany ary lasa fitahiana ho azy ireo fotoana ela taorian'ny niafaran'ny dian'izy ireo namakivaky tany lemaka sy tendrombohitra.

Toe-tsaina mijery ny lafy tsarany

Rehefa nihira ireo mpisava lalana dia nanambara lesona fahatelo indray: “Tohizo re ny dia.”

Iray amin'ireo hevimifanohitra lehibe amin'izao fotoana iainantsika izao ny hoe, nomena fitahiana hahazo zavatra maro dia maro isika kanefa mbola tsy faly ihany. Manenika antsika ireo zava-mahatalanjona entin'ny firoboroboana sy ny teknôlôjia ary manolotra fiarovana, fiamboly, fahafahampo eo no eo sy fahazoana aina. Kanefa toa tsy fifaliana no hitantsika manodidina antsika.

Ireo mpisava lalana izay tena nihafy tokoa, dia tsy mba nanana na dia ireo zavatra fototra tena ilaina hahavelona

aza. Takatr'izy ireo fa tsy avy amin'ny fahatsaran'ny vintana na kisendrasendra ny fifaliana. Tena azo antoka koa fa tsy tonga avy amin'ny fahatanterahan'ny faniriantika rehetra izany. Tsy tonga avy amin'ny toe-javatra ety ivelany ny fifaliana. Mivoaka avy ao anaty izany—na inona na inona mitranga manodidina antsika.

Nahafantatra izany ireo mpisava lalana ary tamin'ny alalan'izany toe-tsaina izany no nahitan'izy ireo fifaliana tao anatin'ny toe-javatra niseho rehetra sy ny fitsapana rehetra—na dia tao anatin'ireo fitsapana tafalatsaka lalina tany amin'ny ati-fanahiny aza.

Fitsapana

Indraindray isika manao jery todika ny zavatra noza-kain'ireo mpisava lalana dia miteny amim-pahamaivanana hoe: “Soa ihany fa tsy niaina tamin'izany andro izany aho.” Saingy manontany tena aho hoe raha toa ka afaka nahita antsika amin'izao fotoana izao ireo mpisava lalana be herimpo ireo, moa ve tsy hilaza zavatra mitovy amin'io koa izy ireo?

Na dia niova aza ny fotoana sy ny toe-javatra miseho, ireo fitsipika hiatrehana ny fitsapana sy hiarahana miaina amim-pahombiazana ao anatin'ny fiarahamonina tia mikarakara sy miroborobo eo ambany fiahian' Andriamanitra dia tsy niova.

Afaka mianatra avy amin'ny mpisava lalana ny fananana finoana sy ny fahatokiana an' Andriamanitra isika. Afaka mianatra ny hanana fangorahana ny hafa isika. Afaka mianatra isika fa ny asa sy ny fitozoana dia tsy mitahy antsika ara-nofa fotsiny fa ara-panahy koa. Afaka mianatra isika fa azontsika ananana ny fifaliana na inona na inona toe-javatra iainantsika.

Ny fomba tena tsara ahafahantsika manome voninahitra sy fankasitrahana ireo mpisava lalana dia amin'ny alalan'ny fampidirantsika ao anatin'ny fiainantsika manokana ny fahatokiana amin'ny didin' Andriamanitra, ny fangorahana sy ny fitiavana ny mpiara-belona amintsika, ny fitozoana, ny fijerena ny lafy tsaran-javatra ary ny firavoravoana izay nampisehon'ireo mpisava lalana tsara ery teo amin'ny fiainany manokana.

Rehefa ataontsika ireo dia afaka mandeha mamakivaky ireo taona maro dia maro isika, ka mifandray tanana amin'ireo mpisava lalana manana ny maha-izy azy ireo, dia atambatsika amin'ny feony ny feontsika amin'ny fiarahantsika mihira miaraka aminy hoe: “Tsara re!” Tsara re!”

FAMPIANARANA AVY AMIN'ITY HAFATRA ITY

Azonao atao ny manomboka ny fotoana amin'ny fihirana miaraka amin'ireo izay vangianao ny "Ndao ry Olomasina" (*Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, lah. 4). Azonao zaraina ny zava-niseho iray tamin'ny nampiharanao na nampiharany olona iray fantatrao ny fitsipiky ny fangorahana na ny asa na ny fijerena ny lafy tsaran-javatra. Afaka mijoro ho vavolombelona mikasika ireo fitahiana azo avy amin'ny fiainana ireo fitsipika ireo ianao, raha mahatsapa ho voatosika hanao izany, ary mampanantena an'ireo olona vangianao fa afaka mahazo ireo fitahiana ireo ihany koa izy ireo.

ZATOVO

Manao firaketana an-tsoratra

Ampitahain'ny Filoha Uchtdorf amin'izao andron-tsika izao ny fotoana niainan'ireo mpisava lalana. Na dia tsy namakivaky tany lemaka aza ianao dia misy zavatra itovizanao bebe kokoa amin'ireo mpisava lalana noho izay eritreretinao! Afaka mampiseho fangorahana sy fanaovana asa mafy ary fijerena ny lafy tsaran-javatra koa ianao. Ary toy ny ahafantarantsika fa nampiseho ireo toetra tsara ireo ireo mpisava lalana, noho ny rakitsoratra nohazonin'izy ireo, no ahafahan'ny taranakao koa mahafantatra anao amin'ny alalan'ny diarinao.

Manokàna minitra vitsy mba hiraketana zavatra kely momba anao ao anatin'ny diarinao. Afaka manoratra zavatra ara-panahy ianao, toy ny fomba nahazoanao ny fijoroana ho vavolombelona anananao na ny fomba nandresena ireo olona niaraka tamin'ny fanampian'ny Ray any An-danitra. Mety hanampy ny zafindohalikao koa ianao (izay mety hamaky ny diarinao indray andro

any!) hahafantatra hoe nanao ahoana izany fiainanao isan'andro izany. Inona ireo tetikasa ataonao any ampianarana? Manao ahoana ny endriky ny efitranonao? Inona no fahatsiarovana tena tianao indrindra momba ny fianakavianao?

Rehefa manomboka manoratra tsikelikely isan'andro ianao dia tsy vitan'ny hoe ho afaka ny hahita mazava bebe kokoa ny fomba hanampian'ny Ray any Andanitra anao eo amin'ny fiainanao isan'andro fotsiny, toy ny nitarihany an'ireo mpisava lalana, fa hamela lova ho an'ireo taranakao ho avy koa.

HO AN'NY ANKIZY

Manaraka ny ohatra nasehon'ny mpisava lalana

Nizara fomba vitsivitsy nentin'ireo mpisava lalana nampiseho fitiavana ny Ray any An-danitra ny Filoha Uchtdorf. Afaka manaraka ny ohatra nasehony ianao. Ireto ary misy hevitra vitsivitsy hanombohanao izany:

FANGORAHANA

- Manorata teny fohy na manaova sakafo maivana ho an'olona malahelo iray.
- Ampio amin'ny fanaovana ny enti-modiny ny mpiaramianatra aminao anankiray.

ASA

- Mametraha tanjona. Manaova zavatra isan'andro amin'ity volana ity mba hanampy anao hahatratra ny tanjona.
- Ampio amin'ny fanaovana sakafo hariva ny ray aman-dreninao.

FIJERENA NY LAFY TSARAN-JAVATRA

- Mitanisà zavatra 10 mahafaly eo amin'ny fiainanao. Mitsikia amin'ny olona rehetra hitanao.



Ireo toetra masin'i Jesoa Kristy: mamela sy mamindra fo

Halalino ombam-bavaka ity hafatra ity ary katsaho ny hahafantarana izay tokony hozaraina. Ahoana no hahafahan'ny fahatakarana ny fiainan'ny Mpamonjy sy ny anjara asany hampitombo ny finoanao Azy sy hitahy ny fiainan'ireo olona izay iandraiketanao amin' ny alalan'ny famangiana isan-tokantrano? Ho fanampim-pahalalana bebe kokoa dia tsidiho ny reliefociety.lds.org

**Finoana, Fianakaviana,
Fanampiana**

Ity hafatra ity dia anisan'ireo andiana hafatra ho an'ny famangiana isan-tokantrano izay maneho ireo toetra masin'ny Mpamonjy.

Afaka manampy antsika hamela ny hafa sy haneho famindram-po amin'izy ireo ny fahatakarantsika fa namela sy namindra fo i Jesoa Kristy. “I Jesoa Kristy no ohatra ho antsika,” hoy ny Filoha Thomas S. Monson. “Lovampitiavana ny fiainany. Nositrany ireo marary, nampahereziny ny ory ary novonjeny ny mpanota. Tamin'ny farany dia nesorin'ireo andian'olona feno hatezerana ny ainy. Na izany aza anefa dia injao fa re teo an-tendrombohitri Golgota ireo teny manao hoe: “Raiko ô, mamela ny helony, fa tsy fantany izay ataony—ohatra faratampon'ny fanehoana fangorahana sy fitiavana eto amin'ny fiainana an-tany izany.”¹

Raha mamela ny fahadisoan'ny hafa isika dia hamela antsika koa ny Ray any an-danitra. Nangataka antsika i Jesoa mba “ho mpamindra fo tahaka ny Rain[tsika] mpamindra fo [isika]” (Lioka 6:36). “Misy fepetra ny famelana ireo otantsika,” hoy ny Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany. “Tsy maintsy mibebaka isika. . . . Moa ve isika

rehetra, tsy efa nisy fotoana, mba nangataka tamim-panetrentena ny famindram-pony sy nitalaho hahazo ny fahasoavany? Moa ve isika rehetra tsy efa naniry tamin'ny herin'ny fanahintsika manontolo hahazo famindram-po—mba ho voavela amin'ireo hadisoana izay nataontsika sy ireo fahotana vitantsika? . . . Avelao hanova sy hanasitrana ny fonao ny Sorompanavotan'i Kristy. Mifankatiava. Mifamelà heloka.”²

Soratra Masina Fanampiny

Matio 6:14–15; Lioka 6:36–37; Almà 34:14–16

Avy ao amin' ny Soratra Masina

“Mila mamela toy ny hamelana antsika ihany koa isika,” hoy ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo.³ Mampiseho amintsika ny lafy roan'ny famelana ny tantaran'ilay zanaka adala: navela ny helok'ilay zanakalahy iray ary sahirana teo amin'ny famelana heloka ilay zanakalahy iray hafa.

Nalain'ilay zanakalahy izay zandriny ny lovany, ary vetivety ny nandaniany azy ka rehefa nitranga ny mosary dia niasa namahana kisoa izy. Hoy ny soratra masina hoe: “ary raha nody ny sainy,” dia niverina

nody izy ary nilaza tamin-drainy fa tsy mendrika ny ho zanany lahy. Namela azy anefa ny rainy ka dia namono zanak'omby nafahy anankiray mba hohanina sy hifaliana. Nody avy niasa tany antsaha ilay lahimateo ary dia tezitra. Nampahatsiahiviny an-drainy fa nanompo an-taonany maro izy ary tsy mba nandika velively ireo didy nefa “tsy mbola nomenao na dia zanak'osy aza mba hifaliako amin'ny sakaizako.” Namaly ilay ray hoe: “Anaka, hianao eto amiko mandrakariva, ary anao avokoa izay rehetra ananako. Fa mety ny mifaly sy miravoravo; fa ity rahalahinao ity efa maty, fa velona indray, ary efa very fa hita indray” (jereo ny Lioka 15:11–32).

FANAMARIHANA

1. Thomas S. Monson, “Ny Fitiavana—Fitsipika Fototry ny Filazantsara,” *Liahona*, mey 2014, 91.
2. Dieter F. Uchtdorf, “Izay Miantra no Hiantrana,” *Liahona*, mey 2012, 70, 75, 77; nampiana fanamafisana any amin'ny lahatsoratra niaingana.
3. Jeffrey R. Holland, “The Peaceable Things of the Kingdom,” *Ensign*, nôv. 1996, 83.

Eritrereto Ity

Ahoana no ahafahan'ilay olona mamela mahazo tombontsoa avy amin'ny famelan-keloka?